INBAR Technical Bulletin • #7



# PEPINIERA: fanasarahana fakany azahoana zanaka volobe maro

Madagascar

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK FOR BAMBOO & RATTAN

This project is funded by the IFAD

IFAD
Investing in rural people

This project is funded by the European Union

## Fampidirana:

Ny fampitomboana ny volobe amin'ny alalan'ny fakabe dia antsoina hoe macroproliferation. Amin'izany dia afaka ampitomboana roa na telo heny ny zanaka volobe. Ny volobe dia mamelana sy mamoa indray ihany amin'ny fiainany ary tsy ny rehetra no mety hahita voany. Ny fazahoana zanany amin'ny alalan'ny fampiasana ny ampahany amin'ny volobe (botira, fototra, markôtazy) dia mila fotoana ary afaka atao mialoha na mandritra ny fahavaratra izay fotoana mampisy betsaka ny tsirimpanentana sy ny sakafo anatin'ny taho.



## Ireo dingana arahina

### Fanomanana mialoha:

Zanaka volobe 4 na 6 volana, voakarakara tsara sy ahitana taho maromaro (telo na mihoatra) izay ahitana fakabe sy fakakely mitsiry tsara no tokony anaovana ny fanasarahana. Alohan'ny anombohana ny asa fanasarahana ny zanakazo azo avy amin'ny voany na avy amin'ny ampahan'ny zavamaniry (botira, markôtazy) dia tondrahana rano tsara ary esorina ny ahidratsy.

**Andro vitsivitsy mialoha ny fanasarahana dia mila tondrahana rano matetika ny zanakazo mba hampalemy tsara ny tany sy tsy hanimba ny fakany.**

Esory ny pôt plastika sy ny tany manodidina ny fakabe sy ny fakakely. Tandremo tsara tsy ho simba ny fakabe, fakakely sy ny tsiry.





Sasao ny tapany ambany misy tany (fakabe sy fakakely) mba hahamora ny fahitana ny faritra ikambanan'ny fakabe anankiroa izay tokony hosarahina.



## Ireo dingana arahina (tohiny)

Mampiasà sekatera na antsy maranitra anasarahana ny faritra ikambanan'ny fakabe anankiroa. Ny zanakazo anankiroa voasaraka dia tokony samy manana fakabe, fakakely ary taho velona tsara.



Tapaho ny 75%n'ny ravina sy sampan mba hahakely ny rano very.



Mba hahakely ny taham-pahafatesana dia tsara raha atao ny folakandro ny fanasarahana ny fakabe na koa amin'ny andro mangatsiatsiaka (ohatra mandritra ny andro manorana)



Raha vao vita ny fanasarahana ny fakabe dia atao anaty pôt plastika avy hatrany ny zanakazo ary tondrahana.





**Atao ambany alokaloka (aloka 50%) ny zanakazo ary tondrahana isanandro. Afaka iray volana dia afaka afindra amin'ny masoandro mivantana izy ireo.**



*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena*

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:

INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing 100102 , P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int